**FANDAHARAM-POTOANA AMIN'NY ANDRO NATOKANA HO AN'NY MPIANATRA ENY AMIN'NY AMBARATONGA AMBONY (Public Campus Ministry)**

FIARAHABANA

Adinontsika indraindray fa na dia ireo izay tiantsika aza, izay akaiky antsika indrindra ao an-trano, dia manana filàna izay tsy azon'izy ireo omena fahafaham-po mandrakariva. Mety manana Ray aman-dreny efa be taona mipetra-drery ao an-trano ianao ary sahirana amin'ny maha-irery azy. Ary ahoana ny amin'ilay mpiara-mianatra na mpiara-miasa izay miady amin'ny fahatsiarovan-tena ho irery na mety tsy mahay mampifanaraka ny fiovana sy ny fahazoana namana vaovao. Ahoana no ahazoanao manampy azy ireo? Afaka mivavaka ho azy ireo ve ianao?

Ny hampody antsika amin'ny filàna maneho sy manome fangorahana ao amin'ny toeram-pianarana no ifantohan'ny Andron'ny PCM amin'ity taona ity. Fangorahana tahaka ny an'i Kristy, izay tsy mitovy amin'izay homen'izao tontolo izao. Amin'io andro io no hampahatsiahivana antsika fa mila ovaina ny tsirairay. Mila an'i Kristy ny tsirairay.

Fandaharana maneran-tany ankalazaina eo anivon'ny fiangonana eo an-toerana ny Andron'ny PCM. Asa fanompona na ministera ho an'ireo mpianatra Advantista sy mpampianatra ao amin'ny oniversitem-panjakana sy oniversite tsy miankina ny PCM izay hanampy ireo mpikambana ao amin'ny PCM hahatakatra fa tsy vitan'ny hoe mamaly ny zavatra ilain'ny olona iray amin'izao fotoana izao fotsiny ny fangorahana, fa manome izay tsara, mahasoa ary ahazoan'ny olona ampiana tombontsoa.

Manantena izahay fa hanentana anao hitovy bebe kokoa amin'i Jesosy rehefa mijery ny hafa ity Andron'ny PCM ity. Vakiantsika ao amin'ny Marka 6:34 fa "Onena" i Jesosy, enga anie isika ho tohina lalina rehefa mahita ny fianakaviantsika, ny namantsika, ny mpiara-miasa, ny mpiara-mianatra, eny fa na dia ny vahiny eny an-dalana aza, mankany amin'ny fahafatesana mandrakizay. Nangoraka tanteraka i Jesosy rehefa nijery azy ireo ka hitany fa efa ho faty izy ireo, dia nijanona izy ary nanokana fotoana hampianatra azy ireo. Mba hampisehoana azy ireo ny fomba hamonjena azy ireo amin'ny ota. Izany no niantsoana antsika, mba hampianatra azy ireo, hanehoana amin'izy ireo ny fomba hamonjena azy ireo amin'ny fahotana.

Natao ihany koa ny #PCM23 mba:

· Hampifandraisana ny Fiangonana eo an-toerana amin'ireo mpianatra sy mpiasa Advantista ao amin'ny toeram-pianarana amin'ny ambaratonga ambony (Campus Public).

· Hampitomboana ny fahitana sy ny asan'ny Mpitarika PCM eo anivon'ny Fiangonana eo an-toerana.

· Hamporisihana ny mambran'ny Fiangonana eo an-toerana hanohana ny mpianatra amin'ny diany eo am-pamitana fianarana.

· Hamporisihana ny Mambra eo an-toerana hanohana ny mpiasa amin'ny dia eo amin'ny asany amin'ny maha- matihanina azy ireo.

· Hamporisihana ny mpianatra sy ny mpiasa mba "HANDEHA" amin'ny fampiasana ny fomban'i Jesosy.

· Hanentanana ny mpianatra sy ny mpiasa advantista eny amin'ny oniversité hitory ny filazantsara sy hampitombo ny fanoloran-tenany amin'i Kristy.

Ampiasao azafady ny toriteny azo alaina izay nosoratan'i Pasitera Xolisa Swartz. Entanina ny fiangonana eo an-toerana mba hanasa mpianatra sy/na mpampianatra avy amin'ny oniversitem-panjakana na oniversite hafa hanao ny toriteny.

**Mikasika ny Mpanoratra**

Niasa ho mpanao gazety tamin'ny onjam-peo tao amin'ny South African Broadcasting Corporation (SABC) i Pasteur Swartz rehefa nandre ny antson'ny Tompo ho amin'ny asa fanompoana. Namaly izany antso izany tamin'ny faha-44 taonany izy ary nandao ny asany tao amin'ny asa fanaovan-gazety sy radio mba hianatra teolojia tao amin'ny Kolejy Helderberg, izay nahazoany ny Bachelor of Arts tamin'ny 2010. Niasa ho mpampianatra Baiboly (Ouvrier Biblique) izy tamin'ny Janoary 2011 ary ny taona nanaraka dia nekena ho mpitory ny filazantsara feno tanteraka. Tamin'ny 28 Novambra 2022, araka ny tantara, dia izy irery no hany Pasitora vehivavy nahazo alàlana tamin'ireo diviziona telo tao amin'ny kaontinanta Afrikana.

Tamin'ny naha-mpianatra asa azy tao amin'ny Distrikan'i Cape Midlands no nahafantarana ny talentany tamin'ny fiaraha-miasa tamin'ny tanora sy ny tanora zokiny ary nomena andraikitra hanara-maso ireo fiangonan'ny mpianatra ao amin'ny Campus n'ny oniversitem-panjakana efatra (PCM). Mpiahy ara-panahy (Aumônier) tao amin'ny tobim-pianarana (Campus) efatra ihany koa izy ary mpitandrina ny fiangonan'ny mpianatra. Olona dimy amby roapolo no natao batisa, vokatry ny asa fanompoany. Ny fitiavany ny tanora lehibe no nitarika azy ho mpiara-manoratra ny boky "Theatre of Grace"- (Lampihazon'ny Fahasoavana), boky iray momba ny fitaizana sy ny fampivelarana ny tovovavy any amin'ny toerana ambanivohitra. Mafana fo amin'ny fanorenana ny fiaraha-monina izy, amin'ny fikasihana ny fiainan'ireo kivy sy fitondràna fanantenana ho an'ireo voailikilika.

Ny antson'i Mordekay no andinin-tsoratra masina manokana aminy —izay inoany fa valinteny asetry izany ny asa fanompoany:
"Fa raha mangina mihintsy ianao amin'ity toe-javatra ity, dia hisy fanampiana sy fanafahana avy any an-kafa ho an'ny Jiosy, fa ianao no haringana ary ho lany tamingana ny fianakavianao. Ary iza no mahalala fa angamba ho amin'ity toe-javatra ity mihintsy no nanandratana anao ho Mpanjakavavy?" (Estera 4:14- DIEM).

Renibe ary manan-janaka roa lehibe Ny Pasitera Swartz. Afaka nahita fifandanjana teo amin'ny asa sy ny fianakaviana izy na dia teo aza ny fihaikana rehetra teo amin'ny asa fanompoana ary nijanona ho lohalaharana amin'ny asa fitoriana ny filazantsara. Tia an'i Jehovah mihoatra noho ny zavatra hafa rehetra izy ary nivoady fa hanompo tsy an-kijanona ny Tompony.

**Hevitra ho fanohanan’ny Fiangonana eo an-toerana ireo Mpianatra Advantista sy ny Mpiahy ara-panahy ary ireo Mpiasa ao amin'ny Tobim-pianarana ho an’ny vahoaka.**

Nangatahana tamin'ny mpianatra tamin'ny alàlan'ny pejin’ny tamba-jotra sosialin’ny Asa Fanompoana ny tanora ao amin’ny Foibe maneran-tany ireto hevitra ireto.

1. Fanolorana sy fanokanan-tena ho an'Andriamanitra amin'ny vavaka ho an’ireo mpianatra sy ny mpiasa isaky ny fiandohan'ny telovolana/ enimbolana ary amin'ny Andro maneran-tany ho an'ny PCM.
2. "Manangana - adopté" mpianatra ireo fianakaviana ao amin'ny fiangonana eo an-toerana, mba hananan’izy ireo fifandraisana amin'ny mambran'ny fiangonana eo amin'ny fiaraha-monina misy azy (indrindra raha mipetraka lavitra ny fianakaviany). Manoro hevitra sy miahy (mentor) ny mpianatra.
3. Manome teti-bola ho an’ny Asa Fanompoana PCM ary manome izany hampiasain’ny mpandrindra ny PCM amin’ny fanatanterahana ny asany.
4. Manao fotoam-pivavahana fanaovam-beloma ho an’ireo nahazo diplaoma izay tsy mandray anjara amin’ny lanonana fizarana diplaoma amin’ny andro Sabata. Ampandraiso anjara ho ao anatin'ny fandaminana ity hetsika ity azafady, ireo mpiasa advantista sy ny mpitondra fivavahana. Misaora azy ireo tamin'ny fanompoany sy ny fanehoany an'Andriamanitra tao amin'ny toeram-pianarana ho an'ny daholobe.
5. Mametraha fifandraisana amin'ny Mpitarika ireo Fikambanan’ny Mpianatra sy ny mpiasa. Manatrika ireo hetsika sy fandaharan'asa ao amin'ny fikambanan’ny Mpianatra (Réseau).
6. Manàna tahiry (base des données) manaraka ny toetr’andro mombamomban’ny mpikambana: ireo mpianatra, sy mpiasa ary mpiahy ara-pivavahana manompo ao amin'ny toeram-pianarana ho an’ny daholobe.
7. Mivavaka sy mifady hanina mba hahatanteraka ny nofinofin’ny mpianatra. Mivavaha ho an'ny mpiasa mba hahavita tsara ny andraikiny. Ampitao amin'ireo mpianatra ny fandaharam-potoanan'ny vavaka amin'ny alalan'ireo Mpitarika sy mambran’ny biraon’ny fikambanan’ny mpianatra sy ny mpiasa.
8. Asao ny mpianatra sy ny mpiasa ho amin'ny fivoriana fiaraha-misakafo na mialavoly. Aoka halalan-tanana amin'ny fizarana fonosan-tsakafo ara-pahasalamana (indrindra mandritra ny faran’ny herinandro).
9. Mikarakara fitaterana amin'ny andro ratsy.
10. Miaro sy mampiroborobo ny fahalalahan'ny fivavahana indrindra amin'ny fitandremana ny Sabata. Miantso ny Mpitarika ny fahalalahana ara-pivavahana ao amin’ny Federasiona/Iniona ary ny Diviziona mba hirotsaka an-tsehatra rehefa atahorana ho voahitsakitsaka izany zo sy fahalalahana izany.
11. Manohana sy mandray anjara amin'ny asa fitoriana ataon'ny mpianatra, ny mpiahy ara-panahy ary ny mpiasa.
12. Mamporisika ny mambran'ny fiangonana handefa tenim-pitiavana sy famporisihana amin’ireo mpikambana ao amin’ny PCM.
13. Manangana klioban'ny boky ho an'ny mpiasa.
14. Manolotra fiofanana ho an'ny mpiasa ny fomba hanomezana fanohanana ara-pihetseham-po sy ara-panahy ny mpianatra.
15. Raha misy karazana fikambanan’ny mpampianatra advantista eo anivon’ny Misiona/Federasiona/ Fivondronambe, dia manangana zana-bondrona ho an'ireo miasa ao amin'ny toeram-pianarana ho an'ny daholobe, ary mikendry ny filan'ny tsirairay.
16. Manoro hevitra sy miahy ara-panahy ireo mpianatra.

**SOSO-KEVITRA AMIN'NY FANDAHARAM-POTOANA**

Aza hadino ny manaraka ny arofenitra ara-pahasalamana eo amin'ny firenena na faritra misy anao.

**Sekoly Sabata**

Fianarana lesona
Fotoam-bavaka

Zarao ho vondrona dimy (5)

- Manandrata fisaorana sy fiderana
- Mivavaha ho fiarovana ny mpianatra, ny mpitondra fivavahana ary ny mpiasa. Mangataha amin'Andriamanitra mba hitahy ny fahatokian'izy ireo amin'ny fitandremana ny Sabata.
- Mivavaha ho an'ny hery miasa mangina mitaona ho amin'ny tsara ataon'ireo mpitarika ny mpianatra
- Mivavaha ho an'ny fitarihana matanjaka ho an'ireo mpitarika ny PCM ao amin'ny fiangonana eo an-toerana rehetra
- Mivavaha ho an'ny fitarihana manentana ny tanora (PCM)

**FANOMPOAM-PIVAVAHANA**

Mozika: Hira mahakasika ny fiankohofana, firahalahiana kristiana, fanaovana mpianatra, toriteny ataon'ny mpianatra/staff/Aumônier /mpitarika PCM.
Vavaka ho amin'ny ranonorana farany sy fanokanana ataon'ny loholona/mpitandrina/Mpiahy ara-panahy (aumônier)

FIARAHA-MISAKAFO – Fanaovana Potluck
Fandaharam-potoana folakandro
Mitsidika ireo mpianatra sy ny mpiasa any amin'ny trano fonenany.

# TORITENY

MANEHO HO MODELIN’ NY FANGORAHAN’I JESOSY ENY AMIN’NY TOERA-MPAMPIANARANA (CAMPUS)

Pasitora Xolisa Swartz Cape Conference, Afrika Atsimo

**Tanjona:**
Ho fantatry ny mpianatra fa ny fangorahana, sy ny fampiononana izay i Kristy irery ihany no afaka mitondra azy no tena ilaina amin’ny diany ara-panahy amin’ny maha- kristiana—na any an-dakilasy na any ivelany. Fandetehana ao an-tsaina ny hevitry ny hoe onena, izay tsy midika hoe mangoraka ny hafa fotsiny, fa manolo-tanana mba hahafahan’izy ireo hahatakatra lalindalina kokoa ilay Lehilahin’i Galilia.

**Fampidirana:**
Tsy misy tantara mihazona ahy afa-tsy ny an'i Irvine izay nianatra tany amin'ny oniversite lavitra ny tranony ary niara-nipetraka tamin'ny fianakaviana tsy Advantista. Nijanona irery tao amin’ny toeram-pivavahana teo amin’ny Campus izy rehefa Sabata, fa tsy nody hisakafo antoandro. Somary nahatsiaro ho manirery izy raha nijery ny rehetra nirohotra niditra tao amin'ny efitranony na niara-nivory mba hisakafo antoandro. Rehefa nandinika izy dia nanapa-kevitra ny hangataka namana iray hanomana sakafo atoandro ho an’ny Sabata ho azy ireo, ary handray anjara amin’ny fandaniana izy. Nitombo io fiaraha-misakafo tamin’ny Sabata io ka tsy ny mpiray finoana ihany—izay niverina tany amin’ny efitranony tamin’ny voalohany mba hihinana mofo ho an’ny sakafo antoandro—fa ireo mpitsidika tsy Advantista koa. Afaka mampiely ny filazantsara ny fangorahana, manomboka amin’ny filàn’ny tena, mankany amin’ny fizarana—tsy ny sakafo ihany, fa ny filazantsara.

Ny **Matio 9:36-38** no andinin-tsoratra masina ho amin’ny androany.

***“36 Ary nony nahita ny vahoaka Jesosy, dia nahonena Azy ny fijeriny ireo, satria nampahantraina ireo ka nafoy toy ny ondry tsy misy mpiandry.***
***37 Dia hoy Izy tamin'ny mpianany:***
***38 Be ny vokatra, fa ny mpiasa no vitsy; koa amin'izany mangataha amin'ny Tompon'ny vokatra mba hampandehanany mpiasa hamory ny vokatra.”***

Azonao sary an-tsaina ve fa any am-piangonana, an-tsekoly, sy any amin’ny rindran-kira iray, raha ny marina dia mety ho na aiza na aiza, ka mijery ny manodidina anao dia mahita ireo OLANA REHETRA ananan'ny olona rehetra — ao anatin’ny fotoana iray ihany? Afaka hanao izany i Jesosy. Afaka nijery ireo vahoaka izy ka nahita hoe iza no kivy, torotoro fo, faly, malahelo, tsy mahalala na inona na inona, mijaly, sosotra, na tsy mahazo aina — izy rehetra ao anatin’ny fotoana iray. Tahaka ny boky misokatra ny fo rehetra, misokatra ho an’ny fandinihany, ary koa ny masony malefaka. Hitantsika ao amin’ny andinin-tsoratra masina anio fa ny fangoraham-po indrindra no resahina. Onena i Jesosy.
Raha afaka mamintina ny toetran’i Kristy manontolo isika raha miresaka momba ny tenantsika, dia azo tsoahina toy izao izany: “Nangoraka Izy …” Misy ny mihevitra fa ny mpianatra rehetra mianatra any amin’ny oniversite dia efa voaomana amin’ny sehatra rehetra misy azy avy, saingy rehefa jerena akaiky dia be dia be ny fahasarotana izay azo fantarina amin'ny alàlan'ny fanehoan-kevitra mampatahotra izay mipoitra. Ny fomba tsara indrindra hamantarana azy ireo dia amin’ny alalan’ny maso—misokatra tsara ka hibanjina,

sofina—mihaino tsara ka handre amin’ny fahanginana, tanana mivelatra tsara ka mora mahatratra tanana iray hafa sy tongotra—miaraka amin’ny fahavononana hanatratra ny hafa lalindalina sy lavidavitra kokoa.

Manana fomba hamaritana an’i Jesosy Kristy sy ny fangorahana ny teolojiana iray sy ny mpivaofy teny. Raha nandinika ny zavatra niainan’ny Apôstôly momba an’i Jeso izy dia nilaza hoe: “Heveriko fa rehefa nijery ny maso sasantsasany ny Mpamonjy antsika, dia hitan’ireo izay nijery Azy akaiky fa tena lehibe tokoa ny fisavorovoroana tao anatiny, lalina tokoa ny fihetseham-pony, ary ny tavany no namadika izany. Ny masony niboiboika toy ny loharanon-dranomaso, ary hitanao fa vonona ny fony lehibe hiboiboikan’ny alahelo an’ireo izay nobanjinin’ny masony.” C.H. Spurgeon, (*The Compassion of Jesus, Hope Messages in Times of Crisis*- Ny Fangorahan'i Jesosy, Hafatra Fanantenana amin'ny Fotoan'ny Krizy).

Mariho fa mason’ny fahasoavana sy ny fangorahana ny maso izay nibanjinan’i Kristy. Maso feno fangoraham-po mijery ny manodidina ireo ondry miparitaka, very hevitra, vaky fo, torotoro, ary ory. Aoka isika hahatsiaro koa fa raha mijery ny manodidina antsika isika, dia hahatsapa fa nikasika antsika tamin’ny fangorahana amin’ny fotoana rehetra i Jesosy, ary aoka kosa isika hikasika ny hafa amin’ny alàlan’ny fangoraham-pony. Aoka isika hitombo amin’ny fitoviana amin’i Kristy. Amin'ny maha-Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito ao amin'ny toeram-pampianarana (campus) ho an’ny sarababem-bahoaka isika dia mahita fanaintainana sy fahasorenana izay tsy hita na iainantsika any amin'ny ankamaroan'ny toeram-pampianarana Advantista mitandrina ny andro fahafito. Aoka hotsaroantsika fa hanosika antsika hihaona sy hitady ny hafa ny fangorahana tahaka ny an’i Kristy.

**Ny fangorahana**

Mila fanazavana amin’ny fomba fiaina any amin’ny faritra atsinanana, ny teny hoe 'fangorahana'. Mampiseho ny fomba amam-panao ara-kolontsaina lalina miaraka amin'ny literatiora Rabinika Afovoany Atsinanana i Kenneth Bailey. Ny teny grika nadika hoe 'manana fangorahana' dia "*splanchizomai*" avy amin’ny fototeny hoe "*splanchnon*", izay midika hoe 'anaty' - (Bailey, 2005, p. 68). Ny any Atsinanana, ny Grika sy ny Hebreo dia nihevitra fa ny kibo no ipetrahan’ny fihetseham-po ary mora takarina ny fomba fisehony (Bailey, 2005, p. 68). Isaky ny misy namana akaiky na olona ao amin'ny fianakaviana maratra na rehefa mieritreritra ny loza mety hitranga toy izany aza, dia misy manaikitra saika tena maharary ao amin'ny kibo (Bailey, 2005, p. 67, 68).

Ho an'ny Grika, toerana nipetrahan'ny firehetan'ny fahatezerana sy ny filan-dratsy ny kibo.
Noheverin’ny Hebreo ho ivon’ny firaiketam-po feno fitiavana, toy ny hatsaram-panahy sy fangorahana (Bailey, 2005, p. 68). Any am-banivohitra, dia mbola mitovy ny fomba fiteny, rehefa mandre tantara mampihetsi-po indrindra momba ny fijalian’ny mponina iray, dia mety hiteny izy hoe: 'Mampangotika ny tsinaiko ianao', na rehefa misy havana akaiky na namana andeha handao ny namany dia miteny hoe: 'tena miakatra ny tsinaiko’ izany hoe halahelo mafy aho noho ny tsy maha- eo anaore rehefa handao anay ianao (Bailey, 2005, p. 68). Nahita ny vahoaka i Jesosy ka ‘nangoraka’ izay rehetra (mety ho hitany) hanjo ny olona. Tokony hanana maso misaina isika amin’ny maha-mpianatra antsika, hahita ireo tsiky manafina ny fanaintainana, ny hafaliana manarona ny fahaketrahana, ary ny asa mafy izay manarona ny maha-manirery.

Izao no vakintsika ao amin’ny **1 Jaona 3:18**: “***Anaka, aoka tsy ho tia amin’ny teny na amin’ny lela isika, fa amin’ny asa sy amin’ny marina***.” Mihoatra noho ny famaliana ara-pihetseham-po fotsiny ny fangoraham-po toy ny an’i Kristy, mihoatra noho ny fangorahana ny olona sahirana. Mihoatra lavitra noho izany ny fangorahana. Manosika antsika ho ny amin’ny aty lalin’ny tenantsika izany. Mankarary ny ao anatintsika izany. Lalina loatra ny fihetseham-po ka tsy zakantsika, TSY MAINTSY MANAO ZAVATRA, TSY MAINTSY MIHETSIKA MANAO ASA. Tsy afaka manana fangorahana isika raha tsy misy asa.

Jesosy no ohatra lehibe indrindra amin'ny fangorahana dia ka TSY MAINTSY MANDREFY ny fangoraham-pontsika amin'ny an'i Jesosy ISIKA. Arakaraka ny hanatonantsika bebe kokoa ny fon’ny Raintsika amin’ny maha-mpianatra antsika no hanehoantsika ny fony amin’ireo manodidina antsika. Eny, manolora tena anio mba hangoraka ny hafa. Hisy fiantraikany eo amin'ny toeram-pianarana misy antsika ny fangorahana arahin’asa ary hamporisika ny tanora hiverina amin'Andriamanitra.

**FANDINIHANA**:

Be dia be ny mampisaraka antsika amin’ny maha-vahoaka antsika, izay samy nateraka tao amin’ny ota avokoa. Lasa sakana ho antsika ny fifaninanana, toy ny rindrina mampisaraka antsika ny fitsiriritana - mamorona saranga izay tsy misy dikany amin'ny fandrosoantsika. Na izany aza, ny Tompo ao amin’ny Teniny dia tsy mitsahatra manome didy antsika hoe: “
“12 Manoratra aminareo zanaka aho, satria voavela ny helokareo noho ny anarany.
13 Manoratra aminareo ray aho, satria efa mahalala Ilay hatramin'ny voalohany ianareo. Manoratra aminareo zatovo aho, satria efa naharesy ilay ratsy ianareo. Nanoratra taminareo ankizy madinika aho satria efa mahalala ny Ray ianareo.14 Nanoratra taminareo ray aho, satria efa nahalala Ilay hatramin'ny voalohany ianareo. Nanoratra taminareo zatovo aho, satria mahery ianareo, ary mitoetra ao anatinareo ny tenin'Andriamanitra, sady efa naharesy ilay ratsy ianareo. **1 Jao 2:12-14**

Tsy azo tsinontsinoavina ny andraikitra ho an’ny tanora ao amin’ny andininy manaraka, ary manambara ny drafitr’Andriamanitra i Ellen White: “**Nanendry ny tanora ho tànana manampy azy ny Tompo**” [Messages to Young People, p. 7:2]. Hoy koa izy: “**Ny tanora no mpitory ny vaovao mahafaly tsara indrindra amin’ny tanora hafa. Ny mpitory teny, na ny laika efa antitra, dia tsy afaka ny hanana ny antsasaky ny hery miasa mangina hitaomana ny tanora noho izay ananan’ny tanora, izay mahafoy tena ho an’Andriamanitra, eo amin’ny tanora namany**” [RH, 15 Aprily 1915].

Manana anjara toerana lehibe amin’ny fitadiavana tanora hafa ho an’Andriamanitra ny tanora, ary ny fangorahana no fomba tsara indrindra. Ivon-toeram-pampianarana ambony ho an'ny daholobe no ifantohan'ny tanora ao anatin'ny taona vitsy.

Nilaza i Ellen White…
“Zava-kendren’ny fitiavany izay nanolotra ny ainy mba hitondrany ny olona hiverina amin’Andriamanitra ny olombelona rehetra. Karakarainy toy ny mpiandry ondry miahy ny

ondriny ireo fanahy meloka sy tsy afa-manoatra, izay mety ho ringana amin'ny hafetsen'i sy ny fandrik'i Satana." (*Ministry of Healing*, p. 163, 1)

Ny mivavaka sy mangataka amin'ny Tompo mba hanampy antsika ho mailo kokoa amin'ny fanaintainana sy ny filan'ny hafa no zavatra voalohany azontsika atao ankehitriny. Fantatro fa sahirana amin'ny fianarana sy mikatsaka asa isika kanefa aoka ho tsaroantsika fa napetraka eto amin'ity toeram-pampianarana (campus) ity isika mba ho ivon'toerana hanana hery miasa mangina hitaona ho any amin'Andriamanitra. Mangataha amin'Andriamanitra mba hanampy anao hamindra fo rehefa mahita ny fianakaviantsika sy ny namantsika tsy miara-mandeha amin'ny Tompo ianao… zavatra azontsika ivavahana tsy tapaka izany, ny fiahiana ara-panahin'ny fianakaviantsika, ny namantsika ary ny mpiara-mianatra sy ny mpiara-miasa amintsika.

Koa manontania tena hoe:
Iza no azoko anehoana fangorahana?
Ahoana no ahafahako miditra ao anatin'ny drafitr'i Jesosy sy manampy amin'ny fitaomana ny hafa hanatona an'Andriamanitra?
Ahoana no ahafahako maneho fangorahana na dia amin'ny olona iray aza izay mety mahatsiaro tena ho very ankehitriny?

**INONA NO AZONTSIKA ATAO?**
Mazàna ny faniriana ho tsara tarehy na hihazona ny bika aman'endrika no manosika antsika hanafina ny zava-misy sy ny olana mahazo antsika, fa ny fitiavana no mahita izany. Manampy antsika hamerina ny hasin'ny hafa ny fangorahan'i Kristy. Koa satria maneho fangorahana ny Andriamanitsika dia misy filàna andrasana ao am-pontsika, ny hinaovan'izy ireo ny fangorahana ho toy ny fitafiana, ka ho tonga mpitantana mahatoky ny fangorahana.

Noheverina ho vokatry ny fahotana tamin'ny andron'i Kristy ny fikorontanana ara-tsaina (ohatra ny fanahiana, ny fahaketrahana, sns), ary mbola mampikentrona hatramin'izao. Maro no mandeha any amin'ny toeram-pampianarana ambony ao anatin'ny fahasahiranana mafy izay mety hiteraka adin-tsaina ary hitarika ny sasany hitodika any amin'ny fidorohana zava-mahadomelina sy ny fahafinaretan'izao tontolo izao. Aoka isika ho sariaka kokoa amin'ny hafa. Nasehon'i Jesosy antsika ny fomba hitondrany ny hafa rehefa niara-nisakafo tamin'ny mpanota Izy mba hahafahany manatona azy ireo.

Mametraka antsika i Kristy mba ho tahaka ny mpiandry ondry tahaka Azy na aiza na aiza misy antsika eo amin'ny toeram-pianarana ambony ho an'ny besinimaro. Maro amin'ny faritra misy antsika no toy ny ondry tsy misy mpiandry, miandry anao hitady sy hanavotra ary hamerina azy ireo amin'ny laoniny. Afaka mahita fomba hanatonana ireo mpianatra, mpiasa ary mpampianatra raha toa ka miasa toy ny ekipan'ny fiangonana ao amin'ny campus, hitarika azy ireo amin'ny lalana marina ny tanora. Aoka hotsaroantsika fa "Ny fomba fiasan'i Kristy irery ihany no hanome fahombiazana marina amin'ny fanatratrarana ny olona… Ny mahantra dia tokony ho maivamaivana, ny marary hokarakaraina, ny ory hampiononona, ny tsy mahalala toromarika, ny tsy manana traikefa omena torohevitra" (MH, p. 143). Inona no fomba tsara kokoa noho ny fangorahan'i Kristy?

Mety hihevitra ianao fa tsy fahita firy ho hatsaran-toetra ny fangorahana, satria zara raha hita eo amintsika amin'ny maha-olombelona antsika - fa tonga Jesosy ka namaha izany. Nasehony tamin'ny fiainany manontolo izany, tamin'ny FITIAVANA izay tsy nahasakana ny tenany afa-tsy ny namihina ny hafa. Nanao fanekempihavanana tamin'ny tenany i Kristy mba hisintonana antsika hiala amin'ny lavaka tsy hita noanoa izay navelan'ny devoly hanipy antsika. Na dia ny fahafenoan'ny fikomiantsika aza dia tsy namela Azy hiala tamin'izany fifanarahana mahatahotra izany. Iza moa isika no hiala amin'izany "fangoraham-po" izany rehefa nomen'i Kristy ny zavatra rehetra mba hahitana antsika. Andeha isika hitady lehilahy sy vehivavy ho an'i Kristy amin'ny maha tanora azy. Midina midina mankany amin'ny faharavana izao tontolo izao, kanefa hita ao anatin'ny andian'olona mbola any amin'ny toerana tsy mety ny tanora, tsy manadino ny loza hanjo azy, mainka fa ny fiafaran'ny fahafatesana, izay miandry izay rehetra ho very mandrakizay amin'ny farany. Tsy manam-potoana hilalaovana isika. Izao no fotoana hanatraran'ny tsirairay ny olona tsirairay amin'ny Vaovao Mahafalin'ny Famonjena.

**FEHINY:**

Inona no nataon'i Jesosy rehefa nijery ny vahoaka Izy?

Onena izy. Afaka nahita mihoatra noho ny filàn'ny olona ara-batana i Jesosy satria nanana fangorahana. Nomarihiny koa ny akanjontsika sy ny ranomasontsika, ny zavatra ilaintsika ara-pihetseham-po, ara-panahy, asa, tontolo iainana, ary zavatra hafa. Hitany ny toe-javatra iainantsika ka nanao zavatra Izy. Nampiofana ny mpianany vitsivitsy izy mba hiala amin'ny tsy fahatokisan'izy ireo ary hitarika ny hafa ho eo Aminy, satria antsoin'i Jeso ireo tsy manana fahaiza-manao ary amin'ireo dingana ataony amin'ny asa ataon'izy ireo ho Azy na hanamboarany azy. Nino i Jesosy fa ireo OLONA TAPAKA SY TOROTORO izay navotana mba hanatratrarana sy hanampy ny OLONA TAPAKA SY TOROTORO hafa. Miantso antsika tanora izy ankehitriny. Iza no handeha?

"Handeha aho" no lohahevitra stratejika noraisintsika: Izany koa no valin-tenin'i Isaia mpaminany rehefa nanontany azy Andriamanitra hoe:

"Iza no irahiko? Iza no handeha ho irakay?"

Tahaka ny nanomanany an'i Isaia aloha vao niantso azy Izy, dia toy izany koa no nanomanan'ny Tompo antsika ankehitriny. Tsy mitarika antsika ho eo amin'ireo toeram-pampianarana ambony misy antsika amin'ny kisendrasendra Izy. Tena fanahy iniana no nametrahany anao eo.

Inona no valin-teninao androany?

Ahoana no ahafahanao ho anisan'ny drafitr'i Jeso hanampy ny hafa hanatona an'Andriamanitra?

Inona no azonao atao mba hanehoana hatsaram-panahy, na dia amin'ny olona iray aza, toy ny nataon'i Jesosy?

Satria efa nikasika anao sy nanavotra anao i Kristy, koa tsy tokony handeha hikasika ny hafa amin'ny fangorahany koa ve ianao? Handeha ve ianao anio?